# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Jona 2018

**3** **Alahady**
jona

**Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana ; fa ny Zanaka Lahitokana, Izay ao an-tatran'ny Ray, Izy no nanambara Azy.** Jaona 1. 18

**Kristy, Izay ambonin'izy rehetra, [dia] Andriamanitra isaorana mandrakizay.** Romana 9. 5

**Iza moa Jesosy ?**

Izao no lohatenina boky iray nivoaka vao tsy ela : „Ny fomba nahatongavan'i Jesosy ho Andriamanitra". Diso tanteraka ny fanehoan'io lohateny io an'i Jesosy Kristy. Ny mifanohitra amin'izany no ambaran'ny Baiboly : Andriamanitra dia tonga olombelona tao amin'i Jesosy, Ilay Zanany Lahitokana. Marina tokoa mantsy fa „ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika" (Jaona 1. 14). Io andinin-tSoratra Masina io no fototra iorenan'ny finoana kristiana, ary mirakitra fahamarinana manaitra sy saro-pantarina : Jesosy Kristy dia lazaina ho „Ilay Teny", satria Izy no fanehoana ireo fihevitr'Andriamanitra (Jaona 1. 2). Izy no „endrik'Andriamanitra tsy hita" (Kolosiana 1. 15). Izy no Ilay Teny.

Izy dia Andriamanitra, ary tonga olona, notorontoronin'ny Fanahy Masina. Jesosy, Izay efa nisy hatrizay ary ho mandrakizay, dia nitafy vatan'olombelona. Izany no zava-miafina nampahafantarina ny zanak'olombelona : „Lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, dia Ilay naseho teo amin'ny nofo" (1 Timoty 3. 16). Tonga olona tokoa Andriamanitra, ka nonina tetỳ anivontsika. Ao amin'ny vatan'i Kristy „no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra" (Kolosiana 2. 9). Tamina herim-pahazavana tena lehibe no namirapiratan'izany voninahitr' Andriamanitra izany teo amin'ny fiainan'i Jesosy Kristy, Izay olona ; tamina herim-pahazavana tena lehibe, hany ka efa 2000 taona mahery izao no nahataona ny mpanota, tahaka antsika rehetra, ho resy lahatra fa Jesosy dia mihoatra lavitra noho ny olombelona. Andriamanitra tanteraka sady olombelona tanteraka Izy, Ilay Zanaka Lahitokan'Andriamanitra, Ilay Mpamonjy tonga nitondra ny famelan-keloka avy amin' Andriamanitra, ny famonjena ary ny fiainana mandrakizay. Te hampahafantatra ny tenany aminao Jesosy, toy ny nataony tamin'i Petera, izay niteny hoe : „Ianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona" (Matio 16. 16).